**Sekretaria jeneraly**

Noho ny didim-panjakana laharana faha-98-432 nataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, tamin' ny 15 jona 1998, Atoa Njara Ernest, Minisitry ny Mponina sy ny Fiarahamientana sosialy, no ampiandraiketina ny fisoloan-toerana vonjimaika ao amin' ny minisiteran' ny Fitsarana, mandritra ny tsy maha-eo ny Minisitra Imbiki Anaclet, nalefa hanatontosa iraka any ivelany.

## MINISITERAN' NY FITANTANAM-BOLA SY NY TOEKARENA

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-98-290 mametra ny sata mifehy ny Ivotoeram-pirenena momba ny Statistika

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana tamin' ny 18 septambra 1992,

Araka ny lalàna fototra laharana faha-95-001 tamin' ny 15 oktobra 1995 anovàna ny andininy faha-53, faha-61, faha-74, faha-75, faha-90, faha-91 ary faha-94 ao amin' ny Lalàmpanorenana tamin' ny 18 septambra 1992,

Araka ny lalàna laharana faha-67-026 momba ny andraikitra sy ny tsiambaratelo mikasika ny statistika,

Araka ny lalàna laharana faha-94-025 tamin' ny 17 novambra 1994 mikasika ny fitsipi-pitondrana ankapobe ny mpandraharaha tsy mbola anatin' ny efidraharaham-panjakana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-60-168 tamin' ny 3 oktobra 1960 ananganana ireo sokajin' antokon-draharaham-panjakana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-62-108 tamin' ny 1 oktobra 1962 mikasika ny fandrindrana ireo fitsipi-pitondrana sy ny karaman' ireo mpandraharaha samihafa ampiasain' ireo Vondrombahoakam-panjakana eto Madagasikara sy ireo antokondraharaha na orinasa natoetra ho eo ambanin' ny fitondrana na fanaraha-maso ataon' ny fahefam-panjakana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-75-015 tamin' ny 17 mey 1995 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny asa,

Araka ny hitsivolana laharana faha-93-019 tamin' ny 30 aprily 1993 momba ny fitsipi-pitondrana ankapobe mifehy ny mpiasam-panjakana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-93-027 tamin' ny 13 mey 1993 manisy fitsipika momba ny asam-panjakana ambaratonga ambony,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-61-305 tamin' ny 21 jona 1961 mametra ny fitsipika momba ny fitantanana ara-bola sy ny fandaminana ny kaonty ampiharina amin' ireo antokon-draharaham-panjakana miendrika fitantanandraharaha,

Araka ny didim-panjakana nasiam-panovàna laharana faha-68-080 tamin' ny 13 febroary 1968 manisy fitsipika ankapobe momba ny fitanan-kaontim-panjakana,

Araka ny didim-panjakana nasiam-panovàna laharana faha-76-132 tamin' ny 31 marsa 1976 momba ny asam-panjakana ambaratonga ambony,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-89-016 tamin' ny 18 janoary 1989 manangana Komity mpandrindra ny zava-pantatra momba ny statistika sy ny toekarena,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-91-056 tamin' ny 29 janoary 1991 momba ny fitsipika mifehy ny fifampiraharaham-barotra ataon' ny Fanjakana novàn' ny didim-panjakana laharana faha-94-624 tamin' ny 26 septambra 1994,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-95-596 tamin' ny 12 septambra 1995 mametra ny andraikitra sy ny fandaminana ny Ivotoeram-pirenena momba ny Statistika,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-97-128 tamin' ny 21 febroary 1997 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-97-129 tamin' ny 27 febroary 1997 manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-97-716 tamin' ny 15 mey 1997 manondro ny anjara raharahan' ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena ary ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena,

**Secrétariat général**

Par décret n° 98-432 du Premier Ministre, Chef du Gouvernement, en date du 15 juin 1998, M. Njara Ernest, Ministre de la Population et de la Solidarité est chargé de l'intérim du ministère de la Justice, en l'absence du Ministre Imbiki Anaclet, appelé en mission à l'extérieur.

## MINISTERE DE FINANCES ET DE L'ECONOMIE

### DECRET N° 98-290 fixant les statuts de l'Institut National de la Statistique.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution du 18 septembre 1992,

Vu la loi constitutionnelle n° 95-001 du 15 octobre 1995 portant révision des articles 53, 61, 74, 75, 90, 91 et 94 de la Constitution du 18 septembre 1992,

Vu la loi n° 67-026 sur l'obligation et le secret en matière de statistique,

Vu la loi n° 94-025 du 17 novembre 1994 relative au statut général des agents non encadrés de l'Etat,

Vu l'ordonnance n° 60-168 du 3 octobre 1960 portant création des catégories d'établissements publics,

Vu l'ordonnance n° 62-108 du 1er octobre 1962 relative à l'harmonisation des statuts et de rémunérations des divers personnels employés par les Collectivités publiques de Madagascar et les organismes ou entreprises placés sous la direction ou le contrôle de la puissance publique,

Vu l'ordonnance 75-015 du 17 mai 1975 portant Code de travail,

Vu l'ordonnance n° 93-019 du 30 avril 1993 relative au statut général des fonctionnaires,

Vu l'ordonnance n° 93-027 du 13 mai 1993 relative à la réglementation des hauts emplois de l'Etat,

Vu le décret n° 61-305 du 21 juin 1961, fixant les règles de gestion financière et d'organisation comptable applicables aux établissements publics à caractère administratif,

Vu le décret modifié n° 68-080 du 13 février 1968 portant règlement général sur la comptabilité publique,

Vu le décret modifié n° 76-132 du 31 mars 1976 concernant les hauts emplois de l'Etat,

Vu le décret n° 89-016 du 18 janvier 1989 portant création d'un Comité de coordination des informations statistique et économique,

Vu le décret n° 91-056 du 29 janvier 1991 relatif à la réglementation des marchés publics modifiés par le décret n° 94-624 du 26 septembre 1994,

Vu le décret n° 95-596 du 12 septembre 1995 fixant les attributions ainsi que l'organisation de l'Institut National de la Statistique,

Vu le décret n° 97-128 du 21 février 1997 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 97-129 du 27 février 1997 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 97-716 du 15 mai 1997 fixant les attributions du Vice-Premier Ministre chargé des Finances et de l'Economie et l'organisation générale de son ministère,

Sur proposition du Vice-Premier Ministre, chargé des Finances et de l'Economie,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

Dia mamoaka izao didy izao :

LOHATENY VOALOHANY

**MOMBA NY RANTSA-MANGAIKA SY NY ANJARA RAHARAHAN' NY INSTAT**

Andininy voalohany. – Ny Foibem-pitondrana ankapobe ny otoeram-pirenena momba ny Statistika antsoina manaraka hoe *ISTAT* dia ovàna ho antokon-draharaham-panjakana miendrika dostria sy varotra, mizaka ny zo aman' andraikiny sy mahatapana ara-pitantanan-draharaha sy ara-pitantanam-bola ka fehezin' y hitsivolana laharana faha-60-168 tamin' ny 3 oktobra 1960, alaza etsy ambony, ary atoetra ho eo ambany fiahian' ny inisiteran' ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena eo amin' ny finy teknika ary eo ambany fiahian' ny minisitera miandraikitra y Tetibola eo amin' ny lafiny fitantanam-bola.

And. 2. – Ny Foiben-toeran' ny *INSTAT* miaraka amin' ireo mpana ao aminy dia ferana ho ao Antananarivo.

And. 3. – Ireto avy ny rantsa-mangaika ny *INSTAT* :

– ny Filankevi-pitondrana;

– ny Foibem-pitondrana ankapobe.

TOKO VOALOHANY

**Ny amin' ny Filankevi-pitondrana**

And. 4. – Ny Filankevi-pitondrana no miandraikitra indrindra y :

*a.* Fandinihana sy fankatoavana ny fandaharan' asan' ny *NSTAT;*

*b.* Fandinihana sy fankatoavana ny tatitra isan-taona ataon' ny ale jeneraly momba ny asan' ny *INSTAT;*

*d.* Fandinihina sy fankatoavana ny tetibola sy ny kaontim-itantanam-bolan' ny *INSTAT;*

*e.* Fandinihana sy fankatoavana ny fandaminana ny Foibem-itondrana ankapobe ny *INSTAT* ary koa ny fitsipi-pitondrana sy ny itsipika ankapobe mifehy ny mpandraharaha.

Afaka mamindra ny ampahany amin' ny fahefany izy, na amin' y filoha izany na amin' ny Tale jeneraly, afa-tsy ireo izay nikasika ny anjara raharaha voalaza ao amin' ny *d* etsy ambony.

And. 5. – Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena na ny solontenany no mitantana y Filankevi-pitondrana.

Ireto avy ny mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana zay tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' nyPraiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Departemanta voakasika, mandritra ny fe-potoana telo taona azo havaozina :

– solontena iray avy amin' ny Departemanta miandraikitra ny Fitantanam-bola;

– solontena iray avy amin' ny Departemanta miandraikitra ny Toekarena;

– solontena iray avy amin' ny minsitera miandraikitra ny Fikarohana siantifika;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Asam-panjakana;

– solontena iray avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Tetibola;

– solontena iray avy amin' ny fanaraha-maso ny fandaniam-bolam-panjakana;

– solontena iray avy amin' ny minisiteran' ny Fampiroboroboana ny Indostria;

– solontena iray avy amin' ny minsiteran' ny Varotra sy ny Fanjifana;

– solontena iray avy amin' ny mpandraharaha ao amin' ny *INSTAT;*

– fikambanana na vatantenan' olona roa notendrena araka ny fahaizany manokana.

En conseil du Gouvernement,

Décrète :

TITRE PREMIER

**DES ORGANES ET MISSIONS DE l'INSTAT**

Article premier. – La Direction générale de l'Institut National de la Statistique, ci-après dénommée "INSTAT" est transformée en un établissement public à caractère industriel et commercial doté de la personnalité morale et jouissant de l'autonomie administrative et financière régie par l'ordonnance n° 60-168 du 3 octobre 1960, susvisée, placée sous la tutelle technique du ministère des Finances et de l'Economie et sous la tutelle financière du ministère chargé du Budget.

Art. 2. – Le siège de l'INSTAT avec ses démembrements est fixé à Antananarivo.

Art. 3. – Les organes de l'INSTAT sont les suivants :

– le Conseil d'administration;

– la Direction générale.

CHAPITRE PREMIER

**Du Conseil d'administration**

Art. 4. – Le Conseil d'administration a pour fonction notamment :

*a.* D'examiner et approuver les programmes d'activités de l'INSTAT;

*b.* D'examiner et approuver le rapport annuel du Directeur général sur les activités de l'INSTAT;

*c.* D'examiner et adopter le budget et le compte financier de l'INSTAT;

*d.* D'examiner et approuver l'organisation de la Direction générale de l'INSTAT ainsi que le statut et le règlement général du personnel;

Il peut déléguer une partie de ses pouvoirs, soit à son président soit au Directeur général, sauf ceux relatifs aux attributions mentionnées en *c* ci-dessus.

Art. 5. – Le Conseil d'administration est présidé par le Vice-Premier Ministre chargé des Finances et de l'Economie ou son représentant.

Les membres du Conseil d'administration, nommés par arrêté du Vice-Premier Ministre chargé des Finances et de l'Economie sur proposition du Département concerné pour une durée de trois ans renouvelable, sont :

– un représentant de Département chargé des Finances;

– un représentant du Département chargé de l'Economie;

– un représentant du ministère chargé de la Récherche scientifique;

– un représentant du ministère chargé de la Fonction publique;

– un représentant du ministère chargé du Budget;

– un représentant du contrôle des dépenses engagées;

– un représentant du ministère de l'Industrialisation;

– un représentant du ministère du Commerce et de la Consommation;

– un représentant du personnel de l'INSTAT;

– deux personnes morales ou physiques désignées en raison de leurs compétences particulières;

Ny Tale jeneralin' ny *INSTAT* no misahana ny sekretarian' ny Filankevi-pitondrana; tsy manam-pahefana hanapa-kevitra izy.

And. 6. – Ny Filankevi-pitondrana dia mivory ara-potoana indroa isan-taona araka ny fiantsoana ataon' ny filohany. Afaka mivory tsy ara-potoana izy, raha ilaina, araka nyfiantsoana tsotra ataon' ny filohany na araka ny fangatahan' ny roa ampahatelon' ny mpikambana ao aminy ahay.

Ny fivoriana ara-potoana sy tsy ara-potoana ataon' ny Filankevi-pitondrana dia atao ao amin' ny foiben-toeran' ny*INSTAT* na any amin' ny toeran-kafa tondroin' ny filoha ao amin' ny fiantsoana.

Ny Filankevi-pitondrana dia mivory ara-dalàna rahefa manatrika eo ny roa ampahetelon' ny mpikambana ao aminy. Raha tsy tratra io isa io amin' ny fivoriana voalohany, dia miantso fivoriana faharoa, ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro fara-fahakeliny ary iray volana raha ela indrindra, ny filoha : ny fanapaha-kevitra noraisina, na noho ny marimaritra iraisana na lany feran' ny antsasa-manilan' ny mpikambana tonga dia heverina ho ara-dalàna.

Rehefa misy hamehana, dia azon' nyfiloha atao ny fakan-kevitra amin' ny alàlan' ny fampahafantarana mifampita.

Ny mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana dia mahazo tambim-pivoriana izay ny Filankevi-pitondrana no mametra ny habetsahany.

TOKO II

**Ny Tale jeneraly**

And. 7. – Ny *INSTAT* dia tarihin' ny Tale jeneraly iray. Misy Tale jeneraly lefitra iray manampy azy araka ny tolo-kevitry ny Tale jeneraly. Samy tendrena eo am-pivorian' ny Minisitra izy roa ireo.

Ny Tale jeneralin' ny *INSTAT* dia manana ny laharan' ny Tale jeneralin' ny minisitera ary misitraka ny tombontsoa mifanaraka amin' izany.

And. 8. – Ny Tale jeneraly no miandraikitra ny fitarihana sy ny fitantanana ny *INSTAT*, ny anentanana sy ny andrindrana ny ankapoben' ny asa ary mba hahatanteraka ny zava-kinendry mifanaraka amin' ny toro-marika avy amin' ny Filankevi-pitondrana.

Ny Tale jeneraly :

– no misolotena ny *INSTAT* eny amin' ny Fitsarana, momba ny taratasin-draharaha andavanandro sy ireo fitondran-draharaha sy antokon-draharaha samihafa;

– manolotra amin' ny Filankevi-pitondrana, mba hodinihina sy ankatoavina ny fandaharan' ny asa aman-draharaha sy tetibolan' ny *INSTAT;*

– manomana ny fandaharam-potoana amin' ireo fivoriana samihhafa ataon' ny Filankevi-pitondrana ary koa ny fiantsoana mikasika izany;

– misahana ny fanatanterahana ny ankapoben' ny fandaharan' asa aman-draharahan' ny *INSTAT* sy miandraikitra ny fitantanana tsara ireo fitaovana nomena ny mpiasan' ity farany;

– manolotra hodinihin' ny Filankevi-pitondrana ny tatitra momba ny asa, ka anisan' izany ny tatitra feno momba ny fitantanam-bola mikasika ny fanatanterahana ny tetibola isaky ny taona lasa;

– mandray mpiasa ho ao amin' ny *INSTAT*, miandraikitra ny fitantanana ny mpandraharaha ary manam-pahefana amin' ny ankapoben' izy ireo;

– mamolavola sy mampihatra ireo fitsipika ilaina mba ahazoan' ny *INSTAT* miasa tsara;

– miandraikitra ny sekretarian' ny Filankevi-pitondrana, mitahiry ny taratasy firaketana mikasika ny fifampierana sy fanapahan-kevitra noraisin' ny Filankevitra;

–izy no mpanalalana ny tetibolan' ny *INSTAT*, ary tompon' andraikitra amin' izay vokany eo anatrehan' ny manam-pahefana ahefa;

Le Directeur général de l'INSTAT assure le secrétariat du Conseil d'administration; il n'a pas de voix délibérative.

Art. 6. – Le Conseil d'administration se réunit en session ordinaire deux fois par an sur convocation de son président. Il peut se réunir en session extraordinaire, en tant que de besoin, sur simple convocation du président, ou à la demande des deux tiers au moins des membres.

Les sessions ordinaires et extraordinaires du Conseil d'administration ont lieu au siège de l'INSTAT, ou en tout autre lieu indiqué par le président sur la convocation.

Le Conseil d'administration se réunit valablement en présence des deux tiers de ses membres. Si ce quorum n'est pas atteint lors d'une première réunion, le président convoque une deuxième réunion dans un délai de quinze jours au moins et un mois au plus : les décisions prises, soit par consensus, soit à la majorité absolue des membres présents, seront alors réputées valables.

Lorsqu'il y a urgence, le président peut procéder par consultation tournante.

Les membres du Conseil d'administration perçoivent une indemnité de session dont le taux est fixé par le Conseil d'administration.

CHAPITRE II

**Directeur général**

Art. 7. – L'INSTAT est dirigé par un Directeur général. Il est assisté d'un Directeur général adjoint proposé par le Directeur général. Tous les deux sont nommés en conseil des Ministres.

Le Directeur général de l'INSTAT a rang de Directeur général de ministère et bénéficie des avantages y afférents.

Art. 8. – Le Directeur général est chargé de diriger et d'administrer l'INSTAT, d'en animer et d'en coordonner l'ensemble des activités et, pour réaliser les objectifs en conformité avec les directives du Conseil d'administration.

Le Directeur général :

– représente l'INSTAT en justice, dans les actes de la vie civile et auprès des différents administrations et organismes;

– soumet au Conseil d'administration, pour examen et adoption, le programme d'activité et le budget de l'INSTAT;

– prépare l'ordre du jour des différentes sessions du Conseil d'administration, ainsi que les convocations qui s'en imposent;

– assure l'exécution de l'ensemble du programme d'activités de l'INSTAT et assure la bonne gestion des moyens mis à la disposition de celui-ci;

– soumet à l'examen du Conseil d'administration les rapports d'activités, y compris un rapport financier complet sur l'exécution du budget de chaque année écoulée;

– recrute aux emplois de l'INSTAT, assure la gestion du personnel, et a autorité sur l'ensemble de celui-ci;

– élabore et met en œuvre les règlements nécessaires permettant à l'INSTAT de bien fonctionner;

– assure le secrétariat du Conseil d'administration, conserve les documents relatifs aux délibérations et décisions prises par ledit conseil;

– est ordonnateur du budget de l'INSTAT, répond de ses résultats devant toutes les instances compétentes;

– mikarakara ny sora-panekena, mandraikitra sy mankato ny fifanaraham-barotra, fifanekena na fifanarahana atao amin' ny anarana sy ho an' ny *INSTAT*.

TOKO III
**Andraikitry ny INSTAT**

And. 9. – Ny *INSTAT* no miandraikitra ny famolavolana sy ny fandrindrana ny fampiharana ny politikam-pirenena mikasika ny statistika sy ireo sahan' asany samihafa fampiharana izany eo amin' ny sehatry ny toekarena, ny isan' ny mponina sy ny fiaraha-monina ary koa ny fanohanana eo amin' ny lafiny siantifika sy teknika ny fitantanana ny toekarem-pirenena. Izy ihany koa no mpitana sy mpitantana ireo fitanisana ny antontan' isa ofisialy eto Madagasikara.

Araka izany, araka ny lalàna momba ny andraikitra sy ny tsiambaratelo mikasika ny statistika voalaza etsy ambony, ny *INSTAT* dia afaka maka ny vaovao rehetra ilaina amin' ny fanatontosana ny andraikiny. Noho ny famindram-pahefana avy amin' ny Komity mpandrindra ny zava-pantatra momba ny statistika sy ny toekarena *(CCISE)*, ny *INSTAT* dia afaka manatontosa asa fanaraha-maso sy fanamafisana ny fomba fiasa, ny tetika nampiasaina, ny vokatry ny famokarana ireo toe-java-misy ara-teknika sy siantifika mifototra amin' ny statistika.

Ny fitanan-kaontim-pirenena, ireo kaonty fototra sy famotopotorana statistika dia ankinin' ny Fanjakana amin' ny *INSTAT*.

Ny famotopotorana ny toe-java-misy sy ny famakafakana ny fipetraky ny toekarena isan-taona, dia tandrifim-pahefana manokan' ny *INSTAT*.

LOHATENY II
TOKO VOALOHANY
**Ny amin' ny mpandraharaha**

And. 10. – Ny mpandraharahan' ny *INSTAT* dia ahitana mpiasam-panjakana sy mpandraharaha mbola tsy ao anatin' ny efidraharaham-panjakana noraisina hiasa maharitra na mandritry ny fe-potoana voafetra. Hisy fitsipika mifehy ny mpandraharaha nankatoavin' ny Filankevi-pitondrana hanoritra mazava ny fombafomba fitantanana ny mpandraharaha ka tandrovina amin' izany ny fepetra voalazan' ny Lohateny II ao amin' ny hitsivolana laharana faha-62-108 tamin' ny 1 oktobra 1962.

And. 11. – Ny ambaratongan' ny karaman' ireo mpandraharaha fehezin' ny Fehezan-dalàna momba ny asa sy ireo tombontsoa omena ireo sokajy samihafa ao amin' ny mpandraharaha dia ho faritana ao anatin' ny fitsipika ankapobe mifehy ny mpandraharaha (*jereo* Lohateny II, and. faha-3 amin' ny hitsivolana laharana faha-62-108 tamin' ny 3 oktobra 1962).

TOKO II
**Ny amin' ny fandaminana ara-pitantanam-bola sy ny fitanan-kaonty**

And. 12. – Ny *INSTAT* dia manana tetibola mahaleotena ka ny Tale jeneraly no nanankinana ny fitantanana izany.

Ny taom-piasana ara-pitanan-kaonty dia manomboka ny 1 janoary ary miafara ny 31 desambra ny taona diavina.

And. 13. – Misy vinavinan-tetibola mifandanja eo amin' ny vola miditra sy mivoaka ataon' ny Tale jeneraly mandritra ny fe-potoana 12 volana manomboka ny 1 janoary ka aroso sy ankatoavin' ny Filankevi-pitondrana. Ny fanomezana tetibola ahitana taratra ny fifampidinihan' ny Filankevi-pitondrana dia alefa any amin' ny minisitera miandraikitra ny Tetibola hosoratana ao amin' ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola any am-piandohana.

And. 14. – Ny loharanom-bolan' ny *INSTAT* dia ahitana ny :

– fanomezana avy amin' ny Fanjakana, ny Vondrombahoakam-panjakana sy ny Vondrombahoaka tsy miankina amin' ny Fanjakana;

– procède aux actes, passe et approuve les marchés, traités ou conventions au nom et pour le compte de l'INSTAT.

CHAPITRE III
**Mission de l'INSTAT**

Art. 9. – L'INSTAT a pour mission de concevoir et de coordonner la mise en œuvre de la politique nationale en matière de statistique et de ses divers champs d'application dans les domaines économique, démographique et social ainsi que de l'appui scientifique et technique à la gestion de l'économie nationale. Il est également le dépositaire et gestionnaire des nomenclatures des statistiques officielles à Madagascar.

A ce titre, et en vertu de la loi sur l'obligation et le secret statistique susvisée : l'INSTAT a accès à toutes les informations nécessaires à la réalisation de sa mission. Par délégation du Comité de Coordination des Informations Statistique et Economique (CCISE), l'INSTAT peut exécuter des missions de contrôle et de validation de méthodes, de procédés, de résultats de la production de données techniques et scientifiques à base de statistique.

Comptabilité nationale, Comptes de base et enquêtes statistiques sont confiés par l'Etat, à l'INSTAT.

Enquête de conjoncture et analyse de la situation économique annuelle, relèvent de la compétence particulière de l'INSTAT.

TITRE II
CHAPITRE PREMIER
**Du personnel**

Art. 10. – Le personnel de l'INSTAT est constitué par des fonctionnaires de l'Etat et des agents non encadrés recrutés à titre permanent ou temporaire. Un règlement du personnel approuvé par le Conseil d'administration précisera les modalités de gestion de ce personnel tout en tenant compte des dispositions du Titre II de l'ordonnance n° 62-108 du 1er octobre 1962.

Art. 11. – Les grilles de rémunérations des agents soumis au Code de travail ainsi que les avantages octroyés aux différentes catégories du personnel sont à déterminer dans le règlement général du personnel. (*voir* Titre II, art. 3 de l'ordonnance n° 62-108 du 3 octobre 1962).

CHAPITRE II
**De l'organisation financière et comptable**

Art. 12. – L'INSTAT dispose d'un budget autonome, dont la gestion est confiée au Directeur général.

– L'exercice comptable commence le 1er janvier et se termine le 31 décembre de l'année.

Art. 13. – Un projet de budget équilibré en recettes et en dépenses est établi par le Directeur général pour une période de 12 mois commençant le 1er janvier pour soumission et approbation du Conseil d'administration. Les dotations budgétaires reflétant les délibérations du Conseil d'administration sont transmises au ministère chargé du Budget pour inscription à la loi des finances initiales.

Art. 14. – Les ressources de l'INSTAT sont constituées par :

– les dotations de l'Etat, des Collectivités publiques et privées;

– vatsimbola na fisamboram-bola;

– fanampiana, fanomezana ary tolotra;

– vokatra ara-bola avy amin' ny fisahanan' asa ataon' ny *INSTAT;*

– vokatry ny fivarotana famoaham-baovao sy boky samihafa;

– vokatry ny fivarotana fanana-manaraka sy mifaka an' ny *INSTAT;*

– vola miditra noho ny antony manokana samihafa sy tsy nampoizina.

And. 15. – Ny fandanian' ny *INSTAT* dia misy karazany roa :

*A.* Ny fandaniana ho fampandehanan-draharaha ka ao anatin' izany ny fanofanana ny mpandraharaha;

*B.* Ny fandaniana zary renivola.

And. 16. – Ny saran' ny fananana sy fisahanan' asa ataon' ny *INSTAT* dia andoavam-bola ny fepetra, ny lazam-bidy ary ny fombafomba noferan' ny Filankevi-pitondrana araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Tale jeneraly.

And. 17. – Ny fitanan-kaontin' ny *INSTAT* dia tazonin' ny *agent comptable* iray, tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola. Ny karaman' ny *agent comptable* dia zakain' ny *INSTAT.*

Ny fepetra rehetra ilaina amin' ny fitantanana ny toerana misy ny mpandraharaha dia tafiditra ao amin' ny fitsipika mifehy ny mpiasa. Ny fanovana tian-katao amin' ny andininy iray na maromaro amin' io fitsipika io dia tsy maintsy anaovana soso-panovàna.

Apetraka any amin' ny *Trésor* na any amin' ny sampan-draharahan' ny *chèques postaux* ny tahirin' ny *INSTAT.* Na izany aza anefa, mba hahamora ny fisahanana ny raharaha sasantsasany, ny *INSTAT* dia omen-dàlana hanokatra kaonty any amin' ny banky.

Azo atao ny manangana famoriam-bola na fitantanana vatsim-bola amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola. Ny mpitantana dia tendren' ny mpanalalana miaraka amin' ny fankatoavan' ny *agent comptable.*

Ny mpanalalana dia afaka mamindra ny fahefany amin' ny fotoana maharitra amin' ny mpandraharaha iray na maromaro ao amin' ny *INSTAT* mba hanatontosa amin' ny anarany, ka eo ambany fanaraha-maso sy fiandraiketany, na ireo sora-panekena sasantsasany na ireo sora-panekena rehetra mikasika ny sasantsasany amin' ny anjara raharahany.

Ampahafantarina ny *agent comptable* ny sonian' ireo mpandraharaha namindram-pahefana.

Ny tetibolan' ny *INSTAT* dia tsy maintsy ahazoana ny fankatoavan' ireo minisitera mpiahy araka ny fitsipika mifehy ny tetibola mahaleotena.

And. 18. – Ao anatin' ny enim-bolana manaraka ny fifaranan' ny taom-piasana no anoloran' ny Tale jeneraly ny kaontim-pitantanam-bolan' ny *INSTAT* amin' ny Filankevi-pitondrana.

Ny kaontim-pitantanam-bola, miaraka raha misy amin' ny fanamarihana ataon' ny Filankevi-pitondrana dia aroso hankatoavin' ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola.

Ny tombom-barotra na ambim-bava dia azo atokana hananganana tahiry fiandry ka ny fampiasana azy, rahefa nankatoavina amin' ny alàlan' ny rijan-tenin-didy amam-pitsipika, dia feran' ny Filankevi-pitondrana, araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Tale jeneraly.

And. 19. – Ny kaonty dia aroso anaovan' ny Rantsana momba ny kaonty ao amin' ny Fitsarana tampony fanaraha-maso sy/na izay fanaraha-maso rehetra na *audit* heverin' ny Fanjakana fa ilaina.

LOHATENY III

**Fepetra tetezamita**

And. 20. – Amin' ireo fivoriana voalohany ataony, ny Filankevi-pitondrana dia afaka mivory ara-dalàna na dia tsy eo aza ny solontenan' ny mpiasa ary izany dia mandra-pifidy izany solontena izany.

– les avances ou prêts;

– les subventions, dons et legs;

– les produits financiers résultant des prestations de l'INSTAT;

– les produits de la vente de publication et ouvrages divers;

– les produits de l'aliénation des biens mobiliers et immobiliers appartenant à l'INSTAT;

– les recettes exceptionnelles diverses et imprévues.

Art. 15. – Les dépenses de l'INSTAT sont de deux sortes :

*A.* Les dépenses de fonctionnement dont formation du personnel.

*B.* Les dépenses en capital.

Art. 16. – Des biens et services fournis par l'INSTAT sont rémunérés selon les barèmes, tarifs et modalités fixés en Conseil d'administration, sur proposition du Directeur général.

Art. 17. – La comptabilité de l'INSTAT est tenue par un agent comptable, nommé par arrêté du Ministre chargé des Finances. La rémunération de l'agent comptable est prise en charge par l'INSTAT.

Toutes les dispositions nécessaires à la gestion des carrières du personnel sont incluses dans le règlement du personnel. Les modifications à apporter à un ou plusieurs articles de ce règlement doivent faire l'objet d'un avenant.

Les Fonds de l'INSTAT sont disposés au Trésor ou au service des chèques postaux. Toutefois, en vue de faciliter certaines opérations, l'INSTAT est autorisé à ouvrir un compte bancaire.

Des régies de recettes et des régies d'avances peuvent être instituées par arrêté du Ministre chargé des Finances. Les régisseurs sont nommés par l'ordonnateur avec l'agrément de l'agent comptable.

L'ordonnateur peut déléguer à titre permanent son pouvoir à un ou plusieurs agents de l'INSTAT pour effectuer en son nom, sous son contrôle et sa responsabilité, soit certains actes, soit tous actes relatifs à certaines de ses attributions.

Les signatures des agents ayant obtenu délégation de pouvoir sont notifiées à l'agent comptable.

Le budget de l'INSTAT doit requérir l'approbation des ministères de tutelle selon les règles régissant les budgets autonomes.

Art. 18. – Dans le semestre qui suit la clôture de l'exercice, le Directeur général présente au Conseil d'administration les comptes financiers de l'INSTAT.

Les comptes financiers, accompagnés éventuellement des observations du Conseil d'administration sont soumis à l'approbation du Ministre chargé des Finances.

Les bénéfices ou reliquats peuvent être affectés à la constitution d'un fonds de réserve dont l'utilisation est, après approbation par texte réglementaire, déterminée par le Conseil d'administration sur proposition du Directeur général.

Art. 19. – Les comptes sont soumis au contrôle de la Chambre des comptes de la Cour suprême et/ou à tout autre contrôle ou audit que l'Etat estime nécessaire.

TITRE III

**Dispositions transitoires**

Art. 20. – Pour ses premières réunions, le Conseil d'administration peut siéger valablement en l'absence du représentant du personnel et ce, jusqu'à l'élection dudit représentant.

And. 21. – Ny fitaovana, ny fanana-manaraka sy mifaka nomena na nafindran' ny Fanjakana ho an' ny *INSTAT* dia zary fananan' ny *INSTAT*. Tsy maintsy arahina ireo paika ofisialy momba ny famindram-pananana miainga amin' ny todikefa sy fitanisam-pananana feno.

And. 22. – Izao fepetra izao, dia tsy tokony ho vato misakana mihitsy, raha misy izany, ny fampiharana ireo fepetra tafiditra ao amin' ny fifanarahana ifanaovan' ny Repoblikan' i Madagasikara sy ireo ambaratongam-pahefana vahiny na iraisam-pirenena mahefa.

And. 23. – Ny fombafomba fampiharana izao didim-panjakana izao dia ho ferana amin' ny alàlan' ny didy amam-pitsipika raha ilaina.

And. 24. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin' izao didim-panjakana izao indrindra izay voalazan' ny didim-panjakana laharana faha-97-716 tamin' ny 15 mey 1997.

And. 25. – Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena, ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna sosialy no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 2 aprily 1998.

Pascal RAKOTOMAVO.

Avy amin' ny Praiminisitra sady
Lehiben' ny Governemanta :

*Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra*
*ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena,*
ANDRIANARIVO Tantely.

*Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra*
*ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Tetibola,*
RAJAONARIVELO Pierrot.

*Ny Minisitry ny Asam-panjakana*
*sy ny Asa ary ny Lalàna sosialy,*
RATOVONELINJAFY Abel Jean Désiré.

---

## MINISITERAN' NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY TETIBOLA

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-1703/97 nataon' ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Tetibola, tamin' ny 13 febroary 1998, ampizakaina ireo fepetra voalazan' ny andininy voalohany amin' ny didim-pitondrana laharana faha-7617/95 voalaza ny mambra ao amin' ny vaomieran' ny fanivanana ny tolobidy natao avy amin' ny fangatahana ahafantarana vidin-javatra ara-dalàna,manomboka amin' ny vanim-potoana hanaovana sonia ity didim-pitondrana fampizakana izany.

Ny tambim-bola efatra arivo Ariary isaky ny fotoam-pivoriana fanome ny mambra tsirairay ao amin' ny vaomieran' ny fanivanana, dia efaina avy amin' ny lisitra vita sonia, mifanaraka amin' ny taratasy fanamarihana ny fahatongavana, mirakitra ny fotoam-pivoriana sy ny anaran' ireo mambra tonga.

Izany dia zakain' ny :

– sorabola toko faha-11, andininy 9 iandraiketan' ny mpitantana ny sorabola izay nanao ny fangatahana ahafantarana vidin-javatra amin' izay mikasika ny tetibola fampandehanan-draharaha;

– sorabola toko faha-25 andininy voalohany iandraiketan' ny lehiben' ny tetikasa izay nanao ny fangatahana ahafantarana vidin-javatra amin' izay mikasika ny tetibola enti-mihary harena.

Art. 21. – Les matériels, appareils mobiliers et immobiliers fournis ou transférés à l'INSTAT par l'Etat deviennent propriété de l'INSTAT. Référence doit être faite aux procédures officielles de transfert de propriété à partir d'un bilan et d'inventaire complet.

Art. 22. – Les présentes dispositions ne sauraient faire obstacle, le cas échéant, à l'application des dispositions qui seraient incluses dans les conventions passées entre la République de Madagascar et les instances étrangères ou internationales compétentes.

Art. 23. – Les modalités d'application du présent décret seront fixées, en tant que de besoin, par voie réglementaire.

Art. 24. – Toutes dispositions contraires au présent décret notamment celles du décret n° 97-716 du 15 mai 1997 sont et demeurent abrogées.

Art. 25. – Le Vice-Premier Ministre chargé des Finances et de l'Economie, le Vice-Premier Ministre chargé de la Décentralisation et du Budget, le Ministre de la Fonction publique, du Travail et des Lois sociales sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 2 avril 1998.

Pascal RAKOTOMAVO.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :

*Le Vice-Premier Ministre chargé*
*des Finances et de l'Economie,*
ANDRIANARIVO Tantely.

*Le Vice-Premier Ministre chargé*
*de la Décentralisation et du Budget,*
RAJAONARIVELO Pierrot.

*Le Ministre de la Fonction publique,*
*du Travail et des Lois sociales,*
RATOVONELINJAFY Abel Jean Désiré.

---

## MINISTERE DE LA DECENTRALISATION ET DU BUDGET

Par arrêté n° 1703/97 du Ministre de la Décentralisation et du Budget, en date du 13 février 1998, le bénéfice des dispositions de l'article premier de l'arrêté n° 7617/95 est étendu aux membres des commissions de dépouillement des offres effectuées sur demande de prix réglementaire, pour compter de la date de la signature du présent arrêté.

L'indemnité de vingt mille francs (20 000 FMG) par séance allouée à chaque membre de la commission de dépouillement, est payable sur état émargé, au vu des fiches de présence indiquant les séances et les noms des membres présents.

Elle est prise en charge :

– par les crédits du chapitre 11 article 9, géré par le gestionnaire de crédits ayant lancé la demande de prix, en ce qui concerne le budget de fonctionnement;

– par les crédits du chapitre 25 article premier géré par le chef du projet ayant lancé la demande de prix, en ce qui concerne le budget d'investissement.